


Ny 5 Septambra 2022 dia voafidy ho lehiben'ny antoko *"conservateur"* (mitana ny fomba amam-panao nantim-paharazana) i Liz Truss ary lasa Praiminisitry ny Anglisy, nandimby an'i Boris Johnson. Iza moa izy ?

Mary Elizabeth Truss no tena anarany. Teraka ny 26 jolay 1975 tao Oxford izy. Manambady an' Hugh O'Leary. Izy ary mbola tsy niteraka izy roa. Maro dia maro ny andraikitra nosahaniny tao amin'ny governemanta anglisy nanomboka ny taona 2010 nidirany teo amin'ny sehatry politika.



**Liz Truss, vehivavy fahatelo voafidy Praiminisitra hitarika ny governemanta anglisy, manomboka ny 6 septambra 2022**

Aleho atao amin'ny teny frantsay izany andraikitra nosahanin'I Liz Truss izany :

Députée britannique depuis le 6 mai 2010.


Secrétaire d'État à l'Environnement, à l'Alimentation et aux Affaires rurales (2014-2016)

Lord chancelier, Secrétaire d'État à la Justice (2016-2017)

Secrétaire en chef du Trésor (2017-2019)

Secrétaire d'État au Commerce international, Présidente de la Commission du Commerce (2019-2021)

Ny 6 septambra 2022 i Liz Truss no hanao ny fianianana amin'ny maha Praiminisitra azy. Izy izany no vehivavy fahatelo voafidy Praiminisitra hitarika ny governemanta anglisy, taorian'i Margaret Thatcher, *"The Iron Lady"* (1979-1990) sy Theresa May (2016-2019) izay samy mpikambana ao amin'ny antoko *"Conservateur"*. **Ny 8 avrily 2013 no nodimandry tao London i Margaret Thatcher**
.





Theresa May, Praiminisitra anglisy vehivavy faharoa, taorian'i Margaret Thatcher

Raha hiresaka vehivavy Praiminisitra dia ireto misy efatra ary samy avy any avaratry ny planeta Tany, samy voafidin'ny antoko misy azy tsirairay avy. Mahavariana...



Ramatoa Magdalena Andersson, Praiminisitry ny Suède

Magdalena Andersson, Praiminisitry ny Suède, nanomboka ny taona 2021


Ramatoa Sanna Marin, Praiminisitry ny Finlande

Sanna Marin, Praiminisitry ny Finlande, nanomboka ny taona 2019


Ramatoa Mette Frederiksen, Praiminisitry ny Danemark

Mette Frederiksen, Praiminisitry ny Danemark, nanomboka ny taona 2019



Ramatoa Kaja Kallas, Praiminisitry ny Estonie

Kaja Kallas, Praiminisitry ny Estonie, nanomboka ny taona 2021.



Lapan'ny Elysée, 15 mey 1991. Eo anoloana : Ny Filoha François Mitterrand sy ny Praiminisitra notendreny, Edith Cresson

Fa tsy adino ihany koa i Edith Cresson, vehivavy Praiminisitryvoalohany tao France, ny taona 1991-1992. Any indray dia tendrena ny Praiminisitra.

**Jeannot Ramambazafy**

**Antananarivo, 5 septambra 2022**